Izay mangataka amin'I Allah ho maty maritiora amin'ny fahamarinana, dia homen'I Allah azy ny toeran'ny maritiora, na dia maty eo am-pandriany aza izy

Tatitra azo avy amin'i Sahli bin Honaif (R.A), niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Izay mangataka amin'I Allah ho maty maritiora amin'ny fahamarinana, dia homen'I Allah azy ny toeran'ny maritiora, na dia maty eo am-pandriany aza izy."
[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Milaza ny Mpaminany (S.A.W) fa izay mitady ho maty Maritiora sy miady amin'ny làlan'i Allah, am-pahamarinana sy am-piniavana marina ho an'I Allah, dia homen'I Allah ny laharan'ny maritiora, noho ny finiavany marina, na dia maty teo am-pandriana aza izy fa tsy niady.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3157